# Soamahamanina. Manameloka ny tsy fanajàna ny zon'olombelona ny Malagasy Miara-Miainga

Samedi, 01 Octobre 2016 06:50 -

MALAGASY MIARA-MIAINGA

*Izay manoro lalana mahitsy, mamindra aina*

**FANAMBARANA**

Manoloana ny trangan-javatra tany Soamahamanina izay niteraka horohoro vokatry ny fihetsik'ireo mpitandro ny filaminana lasa hery famoretana voahiraky ny fitondrana, ny Antoko Malagasy Miara -Miainga dia manameloka amin'ny heriny rehetra ny herisetra izay niteraka faharatra teo amin'ny samy malagasy ary mitaky ny amotsorana tsy misy fepetra ireo tantsaha miaro ny taniny izay nosamborina ary nogadraina tamin'ny fomba mamoehatra ary tsy manaja ny zo maha olombelona.

Mampatsiahy ny fitondrana izahay fa izao tarehin-javatra miseho izao dia efa nihatra tamin'ny ireo tantsaha tany atsimon'ny nosy ny Aprily 1971 ary nitarika ny hetsi-bahoaka ka nampirodana tanteraka ny fitondrana heritaona taty aoriana dia ny May 1972.Ny maha samihafa azy fotsiny dia ny hetsiky ny tantsaha tany atsimo dia nentina nanohitra ny saritsari-pahafahana napetrak'ireo mpanjanaka fa ny hetsiky ny tantsaha ao Soamahamanina kosa dia entina hanoherana ny fanomezana ny taniny an'ireo tera-tany sinoa faritra maro izay nifanarahany manokanaary miafina tamin'ny fitondrana ary naniliana tanteraka ny vahoaka tompotany ka nahatonga azy ireo hijoro.

Miantso ny miaramila sy ny zandary ary ny polisy ny ny Antoko Malagasy Miara -Miainga mba andanjalanja ny baiko izay raisiny avy amin'ny fitondrana mba hiverenan'ny fitokisan'ny vahoaka azy ary mba hisoroana ny ady an-trano eo amin'ny samy malagasy. Miantso ny vahoaka Malagasy rehetra koa hiaro ny fahafahany.

Manasa ny fianakaviambe iraisam-pirenena ny ny Antoko Malagasy Miara -Miainga hitandro hatrany ny fomba rehetra hisian'ny fitoniana mba hisorohana ny korontana kotrehina sy miverimberina aty amin'ny tany afrikana toa an'i Madagasikara satria tsy i Soamahamanina irery no hiaran'izao fa efa mianaka manerana ny nosy : Mandritsara, Mananjara, Anjoma Ramaritina, Mananara, Bealanana..., ka mety hiteraka zava-doza ampiditra ny firenena amin'ny kizo lalina.

Farany, ny ny Antoko Malagasy Miara -Miainga ao amin'ny vinam-piaraha-monina ***« Dia mikendry indrindra ny hanorina firenena hanjakan'ny fandriampahalemana, mandroso, mamolaka sy mampiasa ireo otrik'arena voa-janahary ao aminy mba hifanandrify amin'ny filan'ireo mponina ankehitriny sy mba hiveloman'ireo taranaka faramandimby. Izay dia atao ampanajana tanteraka ireo hasina maha olona sy ireo haren-tsaina. Firenena izay hahitana ny fandraisan'ny olom-pirenena tsirairay avy anjara mavitrika eo amin'ny fanarenam-pirenena ary hananay anjara eo amin'izay vokatry ny fampandrosoana niaraha-nisalahy. Firenena izay hahitana ireo kominina sy faritra manana fahefana marina, nateraky ny fitsinjaram-pahefana voakajy ka ny fitondrana foibe sy ireo andrim-panjakana isan-tsokajiny dia hiantoka ny firindran'ny fampandrosoana ara-drariny sy tsy mitanila".***

Natao teto Antananarivo, faha 30 septambra 2016